


# Nampanantena fampiononana antsika i Jesoa

Fantatr'i Jesoa Kristy fa hila fampiononana ireo mpianany taorian'ny nahafatesany. Noho izany dia nampianatra azy ireo momba ny Fanahy Masina Izy. Nampanantena Izy fa hampionona azy ireo sy hiaraka amin'izy ireo mandrakariva ny Fanahy Masina. Anarana iray fiantsoana ny Fanahy Masina ny hoe Mpampionona. Rehefa malahelo isika na matahotra, dia afaka manampy antsika ny Fanahy Masina mba hahatsiaro ny fitiavan'i Jesoa Kristy. ●

**Azonao vakina io tantara io ao amin'ny Jaona 14:1, 16–18, 26.**



Nanome bodofotsy ho an'ny hôpitaly iray ho an'ny ankizy izaho sy ny neniko ary ny dadako. Nilaza ireo mpiasan'ny hôpitaly fa hanampy ireo ankizy tsy hatahotra intsony ireo bodofotsy. Faly aho fa hanampy ireo ankizy ho mirana sy hampifaly azy ireo ny bodofotsy nomenay. Nahatonga ahy ho faly ihany koa izany.

**Brooklyn D., 9 taona, Texas, Etazonia**

**Ahoana no fomba hiezahanao hanampy ny hafa, tahaka ny nataon'i Jesoa? Soraty dia lazao anay.**

## AFAKA MAMPIONONA NY HAFA AHO

- Iza no fantatrao fa mila fampiononana?
- Mivavaha dia manaova drafitra hanampiana azy ireo.
- Ataovy ny drafitrao!



Hetezo ity karatra ity mba hampahatsiahivana anao hanohy hanampy toa an'i Jesoa.

SARY NATAON'I TIZIANA LONGO